Tian'ny Mpaminany (S.A.W) ny manao zavatra amin'ny havanana, rehefa manao kiraro, rehefa mandrongo volo, rehefa midio, ary tamin’ny raharahany rehetra

Tatitra azo avy tamin'i Aicha Renin'ny mpino (R.A) niteny izy : Tian'ny Mpaminany (S.A.W) ny manao zavatra amin'ny havanana, rehefa manao kiraro, rehefa mandrongo volo, rehefa midio, ary tamin’ny raharahany rehetra.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia mitia sy mankafy ny manomboka ny zava-drehetra amin'ny ankavanana tamin'ny zavatra rehetra izay mendrika ho men-danja, isan'izany : Atombony amin’ny tongotra havanana rehefa manao ny kirarony, ary manomboka amin’ny havanana amin’ny fanaingoana ny volony sy ny volom-bavany sy ny fipasohana azy ary ny fanosorana menaka, ary eo amin’ny fanaovany Ozo dia sasany mialohan'ny ankaviany ny tànany havanana sy ny tongony havanana.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3018

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee